COMTIM Andoharanofotsy 2
**Mikarakara fitsangatsanganana eny Imerinkasinina anio**

Tsy andron'ny kiandrakandrana 3
**Andron'ny fanaovana politika matotra izao**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Anjerimanontolo 3
**Hanao "Oniversite maty" ny SECES hanomboka ny alatsinainy izao**


www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

Sabotsy 23 aprily 2022 Laharana 1289 Vidiny : **400 Ar**


### Antoko TIM 3

# Mamondrona ny heriny na misy mitady hampizarazara



### Resaka fitsarana 2

# Miteniteny foana ny filohan'ny Antenimierandoholona hoy ny SMM






### Kaominina Antananarivo renivohitra 2

# Alasafay ny fanamboaran-dalana, maloto ny tanàna



### Tovovavy tratry ny mosavy tany Ambanja 6

# Herinandro no nanavotan' i Mr Aina azy



**Ankizy 10 taona tsy hita** 6
**Ombay mitady Razafindramanana Stephane**

**Rivo-doza sy tsy fanjarian-tsakafo** 3
**Nanolotra vary 500 t ho antsika ny Maorisiana**

**Daka kely**

**Ho lasa piloty amin'ny loto koa angamba Antananarivo zany ry Boaikely a !**

KAOMININA ANTANANARIVO RENIVOHITRA

# Alasafay ny fanamboaran-dalana, maloto ny tanàna

Tsy tafavoaka tamin'ny asa fanarenana ireo lalana simba manerana ny renivohitra, ny Ben'ny tanàna Vazahabe Naina Andriantsitohaina sy ny ekipany, tao anatin'izao fe-potoana iasany izao. Tsy atao hahagaga loatra izany satria Vazahabe Ben'ny tanàna, variana sy lany andro miady amin'ireo mpanolotsaina mpanohitra ny tsy mety ataony sy mikaro-kevitra ny amin'izay hanilihina ireo. Dia tavela teo ny asa fampandrosoana ny tanànan'Antananarivo, toy ny fanalàna ny fako sy ny fanamboaran-dalana. Ny hany sisa natao dia nibaboka sy niantso vonjy. Nahatsiaro ho tomponandraikitra voafatotra amin'izany ny governoran'Analamanga, ary dia nanao angoan-tenda nilaza hanao ny asa ao anaty fe-potoana nofaritany, fa raha tsy izany dia hiala amin'io andraikitra io ny tenany.

Nisy tokoa ny asa natao tamin'ireo lalana samihafa. Anisan'izany ny eny amin'ny lalana Ampasika mihazo ny 67ha iny. Mahavariana anefa rehefa mijery sy mandalo amin'izany lalana izany, fa mbola misy ihany ampahany simba, ny efa vita potika sahady. Hita fa toa alasafay sy kitoatoa ny fanamboarana natao. Tsy novitaina ara-dalàna ve ny asa fa natao asa maika? Fa ankoatra ireo nokasihina, dia misy lalana tena tsy notopaza-maso mihitsy ary tsy nokasihina. Simba be anefa izany lalana izany. Iray amin'izany ny lalana manomboka eo amin'ny Cnaps Ampefiloha mihazo an'Ambalavao Isotry ary tonga eny amin'ny Petite Vitesse iny. Ny lalana eo amin'ity farany, na Cotona mandalo eo amin'ireo tsenana karana lehibe sy hotely maromaro ireo, dia tena haratsian'izay lalana izany. Efa amam-bolana maro no nisian'izany, izay toy ny lalana tsy an-drenivohitra, fa tsy misy tomponandraikitra miraharaha. Mety tsy mba mandalo amin'ireo lalana ireo izy ireo, ka tsy hamakiany loha, fa aleo hijaly any izay hijaly, toy ny fiara fitateram-bahoaka. Ireo karana mpanefoefo mpivarotra amin'izany lalana izany ihany koa, etsy ankilan'izay, dia tsy mivaky loha na mandalo ny toeram-pivarotany sy trano fonenany aza. Misarika ny saina izany, hihevitra fa izy ireo dia tsy olom-pirenena Malagasy, tsy anisan'ny sarambabem-bahoaka, ary tsy mahalala afa-tsy ny fangoronany harena eto amin'ity firenena ity ihany. Dia hatreto ny vahoaka ihany no mifafa ny kihony eo amin'izany, fa izay milaza ho tomponandraikitra manao ambany maso tsy hita izany.



*Fahapotehan-dalana eto Antananarivo renivohitra.*

**Radafy**

COMTIM Andoharanofotsy

# Mikarakara fitsangatsanganana eny Imerinkasinina anio sabotsy

Mikarakara fitsangatsanganana any Imerinkasinina distrikan'Antananarivo Avaradrano anio, ny mpitarika ny antoko TIM any amin'ny kaominina Andoharanofotsy, na COMTIM Andoharanofotsy. Manoloana izay, nisy ny fanambarana nataon'izy ireo : « Fanamafisana avy amin'ny COMTIM Andoharanofotsy, voafidy ara-dalàna ary mbola am-perin'asa, ankatoavin'ny foibe eny BEL'Air izahay mpitantana. Manentana antsika mandala ny ara-dalàna tsy ho voasariky ny mpanao tsy maty voalavo ankibo. Mbola misy ary ho tanterahina amin'ny sabotsy 23 aprily, ny fitsangatsanganana kasain'ny Mpikambana Tiako i Madagasikara eto amin'ny Kaominina Andoharanofotsy hatao eny Imerinkasinina. Mbola tsy miova ny fandaharam-potoana, fa raha mikasa ny handeha fiara iombonana ianao dia eo amin'ny Total Mandrimena amin'ny 7 ora sy sasany maraina. Raha handeha fiara manokana na koa tonga dia hivantana eny an-toerana dia eo akaikin'ny FJKM Imerinkasinina no fotoana amin'ny 9 ora maraina. Samia mitondra ny sakafo sahaza azy avy. Mivatsia akanjo mafana, aro orana, tsihy, lambahoany sns... Tsy terena ny fandoavana saran-dalana izay isaorana ny tsara sitra-po niantoka izany. Nefa tsy mandrara ary isaorana mialoha koa izay terem-panahy handray anjara amin'izany. Lazaina eny am-piaingana ihany ny fandaminana momba io. Aza matahotra, minoa fotsiny ihany ary iray ihany ny tanjona dia Dada Ravalomanana amin'ny 2023, koa aza manaiky ampiadian'ny hafa isika mianakavy", hoy ity fanambaran'ny COMTIM Andoharanofotsy ity.



*Imerinkasinina any Antananarivo Avaradrano.*

**Niaina**

## NY TENY FIAINANA




*"Anaka, arovy ny tenanareo amin'ny sampy".*
***I Jaona 5:21***

## Ny Valosoa sy fakafaka

Seraseran'ny fitondrana

# Miandry mpitondra teny matotra ny vahoaka

Tamin'ny governemanta teo aloha dia efa nandrasan'ny maro hoe: inona no mba anjara fitenenan'ny minisitra Pierre Houlder, ati-tany amin'izao fotoana izao, izay voatendry ho mpitondra teny voalohany tamin'izany niaraka tamin'i Lalatiana Rakotondrazafy, ministry ny serasera, nefa dia tsy nandrenesam-peo mihitsy na dia zoma iray fotsiny ihany aza. Ankehitriny dia mifampanontany ny rehetra hoe: iza indray moa no voatendry mazava hisolo io teo aloha io, fa dia toa ny omaly tsy niova hatrany no re feo matetika, tsy handrenesana tatitra mazava mikasika ireo ministera hafa, fa dia fanatsarana ny loko politika, fiarovan-tseza, deradera sy "Fidedahana " araka ny filazan'ny tanora azy no misy. Raha ny rariny sy hitsiny anefa dia tokony ho fantatra mazava, sy mba mandray anjara izay tompon'antoka amin'izany, nefa dia toa ny eo ihany no eo. Tatitra sy fampahafantarana ny vaovao ao amin'ny governemanta no andrasana, inona ny vaovao mandritry ny herinandro fa tsy fanehoana loko politika fotsiny hatrany, na rendrarendra sy fandokafan-tena foana izay hita soritra, fa propagandy mialohan' ny fotoana sahady. Raha izay rehetra izay no atao in-dray mijery, dia hita sy tsapa, fa mbola miandry mpitondra teny matotra ny vahoaka, mba hahafantarana ny tena zava-misy marina eto amin'ny firenena, fa tsy hamaivanina toa ireny, izany hoe atao toy ny raharaham-piangonana, vakiana ny avy any ivelany sy anatiny, alaina ambony alaina ambany, ary omendanja ihany koa ny vaovao isan-tsampana na ny ministera tsirairay, raha ny governemanta no omena ohatra mazava amin'izany. Tsy ho voafehin'ny minstra Lalatiana irery ny momba ny departemanta rehetra amin'ny governemanta, noho izany tokony hifandimby hiakatra amin'ny fandaharana isaky ny zoma, Tsy ho Tompontrano Mihono ihany ireo minisitra isanisany, sa ministra tsangan'olona fotsiny ny ankamaroany?

**Beharo**

Resaka fitsarana

# Miteniteny foana ny filohan'ny Antenimierandoholona hoy ny SMM

Mafanafana ihany koa izao ny fifandraisana eo amin'ny SMM, Sendikan' ny Mpitsara eto Madagasikara sy ny filohan'ny Antenimierandoholona Herimanana Razafimahefa. Ambaran'ny SMM tamin'ny alalan'ny fanambarana nataony, notaterin'ny filohany Mbitanarivo Andriantsihorisoa, fa niteniteny foana ny filoha mpitarika etsy amin'ny Lapa Maitso Anjosikely tany Mahajanga faritra Boeny. Milaza ny SMM fa:"Gaga sy talanjona ny Sendikan'ny Mpitsara eto Madagasikara raha nahita ny fanambaran'ny Filohan'ny Antenimieran-doholona manoloana ireo ben'ny tanàna nanao fiofanana tany Mahajanga, fa « hampiantso ny Ministeran'ny Fitsarana sy ny Bianco ary ny PAC ny tenany, mba hahafahana mijery vahaolana » mikasika ireo ben'ny tanàna notanan'ny PAC amponja vonjimaika.

Tsara ny mampatsiahy fa ny Fitsarana amin'ny ankapobeny, sy ny PAC ihany koa, dia mampihàtra ny lalàna izay voafidy teny amin'ny Parlemanta, ka anisan'ny mandrafitra izany ny Antenimierandoholona. Ireo lalàna iadiana amin'ny kolikoly nofidian'ny parlemanta, no nametraka ireo heloka mety ataon'ny mpitondra henjehin'ny lalàna, ary ny lalàna ihany koa no nametraka fa anjaran'ny PAC no manenjika izany. Matoa ireo ben'ny tanàna ireo nampidirina am-ponja dia misy vesatra ao anatin'ny raharaha iampangana azy ireo. Tsy midika anefa izany fa meloka avy hatrany izy ireo, fa mbola misitraka ny «présomption d'innonce[n]ce ». Paikady tsy azo saintsainina akory izany fampiantsoana rafi-pitsarana ataon'ny Filohan'ny Antenimierandoholona izany, ho fanajana ny fisarahampahefana napetraky ny Lalampanorenana. Fitsabatsabahana amin'ny raharaham-pitsarana tsy azo ekena izany raha sanatria tanterahina.

Raha toa ka misy fanovana tiana atao amin'ny lalàna voafidin'ny Parlemanta dia manana fahefana feno amin'izany ny Antenimierandoholona hanolotra tolo-dalàna".

Hita fa efa zatra mitsabaka amin'ny raharaha tsy tokony hitsabahany ireo manana fahefana amin'izao fotoana ao anatin'ity fitondrana Rajoelina ity, porofon'izany izao nataon'ny filohan'ny Antenimierandoholona izao.



*Ny filohan'ny SMM (ankavia), sy ny filohan'ny Antenimierandoholona.*

**Nangonin'Isambilo**

## Ny Valosoa sy hadihady

# Tsy andron'ny kiandrakandrana
# Andron'ny fanaovana politika matotra izao

Mahavariana ihany ny mandre ny ambaran'ireo mpanao politika sasany sy ireo antoko politika « madinika », ny momba ny fiheverany ny zava-misy ara-politika eto amin'ity firenena ity. Izy ireo indraindray dia mihevitra fa manana ny firehana vaovao, sy fomba fijery politika tokony hampanjakaina na voizina ankehitriny. Ny manahirana aminy anefa, dia tsy miahotra izy ireo manaratsy ireo antoko politika lehibe na ihany koa ireo mpitarika azy. Ny fiheveran'izy ireo izany, rehefa haratsiana ireo dia hoe halam-bahoaka, ka ho voailika ahafan'izy ireo mahazo laka eo amin'ny sehatra politika. Efa aman-taonany maromaro no nisian'izany toe-javatra izany.
Tsy lavina, ilaina ny fomba fijery vaovao politika eto amin'ity firenena ity ary tena ilaina izany, satria tena misy efa lany andro sy lomorina nanimba sy nanapotika ary nampikorosy firenena izay mbola voizin'ny sasany ihany hatramin'izao. Mila ho fantatr'ireto milaza azy ho zavatra ihany koa anefa, fa tsy ny fanaratsiana ny hafa no hampisandratra azy. Hadisoana bevava izany amin'ny fanaovana politika eto Madagasikara, ary efa nahitana traikefa izany. Tsy amin'izany lalana izany mihitsy no hahafahana mahazo ny fon'ny vahoaka malagasy, fa ny hiafaran'izany, miafara any amin'ny famitaham-bahoaka toy izay hita nanomboka ny taona 2009 no mankaty. Dia izao iaraha-mahita izao no niafaran'ny firenena, izay tafahitsoka anaty olam-be. Hamaivanam-paik'ady politika ihany ny fifikirana amin'izany, ary tsy mahalasa lavitra izay manao azy. Fa raha te-hisandratra ara-politika sy te hanasongadina antoko dia mila mitady fomba sy lalana tena tsara manafaka ny firenena ao anaty gejany. Hadisoana ihany raha ny mpiray tanindrazana no haratsiana, fa misy tokony hitodihana tanteraka izay fototr'izao olam-pirenena izao, ka tokony hifotoran'ny paik'ady rehetra atao. Raha mbola tsy manao izany, dia antoko politika ho maivan-kitsaka sy kely endaka hatrany ary tsy ho lasa lavitra, mba tsy ilazana hoe tsy mbola mahay sy manana politika mahomby hahasoa sy hahatsara ity firenena iombonana ity. Andron'ny fanaovana politika matotra izao, fa tsy fotoanan'ny kiandrankandrana sy ny tsy ampy traikefa intsony.

***Sôh'son***

Anjerimanontolo

## Hanao "Oniversite maty" ny SECES hanomboka ny alatsinainy izao

Noho ny tsy fanaovan'ny fitondrana Rajoelina laharampahamehana ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa amin'izao fotoana, nanao fanambarana ny SECES, n any Sendikan'ny mpampianatra mpikaroka, sy ny mpikaroka mpamianatra fa hanao "Oniversite maty" izy ireo hanomboka ny alatsinainy ho avy izao.. Hanomboka ny alatsinainy 25 aprily ho avy izao dia ho "Oniversite maty" ny eny amin'ny Anjerimanontolo, raha tsy mivaly ny fitakian'ny ao amin'ny SECES, dia ny lalàna mahakasika ny fizakantenan'ny Oniversite sy ny toeram-pampianarana ambony ary ny foibem-pikarohana nasionaly eto Madagasikara. Hitohy hoy izy ireo ny fikatonan'ny Oniversite manerana ny Nosy, raha tsy misy ny fandraisana andraikitra hataon'ny fitondram-panjakana.

***Isambilo***



*Mpikambana ao amin'ny Seces, nivory teny Ankatso.*

ANTOKO TIM

## Mamondrona ny heriny na misy mitady hampizarazara

Mamondrona ny heriny amin'izao fotoana ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), tarihan'ny filoha Marc Ravalomanana, na misy mitady hampizarazara aza ny antoko ankehitriny. Tonga nihaona tamin'ny filoha Ravalomanana teny Faravohitra tamin'ity herinandro ity rehefa tsy hita nandritra ny taona maromaro, ireo olom-boatendry sy olom-boafidy tamin'ny fotoan' androny: ministra teo aloha, senateran'i Madagasikara teo aloha, depiote teo aloha, CST sy CT teo aloha tamin'ny andron'ny tetezamita, avy amin'ny antoko najoron'i Dada. Nandritra ny fihaonan' ny Filoha Ravalomanana, sy ireo mpiara- miasa, olom-boatendry sy olom-boafidy niaraka taminy tamin' ny fotoana nitondrany, dia nilaza ireto farany fa tsy azo ekena intsony ny fomba fitantanana ny fiainan'ny vahoaka malagasy toy ny misy amin'izao fotoana. Mbola fakan-tahaka na " référence " ny fitondran' ny Filoha Ravalomanana, na teo amin' ny lafiny ara-toekarena na ara-tsosialy, satria isan' ny dingana lehibe vita ny fampiakarana ny harinkarena faobe ho maherin'ny 7% ary fanafoanana ny trosa tamin' ny taona 2004. Ny lalana vita manerana ny Nosy nahatratra hatramin'ny 9000 km. Mirehareha izahay fa TIM hoy ireto mpikatroka, niara-nanangana ny antoko ireto ary vonona hiara-hiasa ho fanavotana ny Firenena. Hafatra 3 kosa no napetraky ny Filoha Ravalomanana, dia ny firaisankina, ny fijoroana amin' ny marina ary fanarahana fitsipika sy toromarika.



*Ny fihaonan'ny filoha Ravalomanana tamin'ireo mpiara-miasa aminy teo aloha ary niverina indray ankehitriny, teny Faravohitra.*

***Helisoa***

## TONONKALO

### Lany ve ny olon'ny volomboasary ?

Moa lany ve ny olon`ny volomboasary
No dia mahonena ny zava-mitranga,
Fa toa ny efa maimbo sy efa fanary
No mbola nalaina hamenoana ny banga ?

`Zahay tsy mitaky ny hoe hiaka-tsehatra.
(Aleo foza ihany no hasolo ny foza !)
Fa saingy ity fombanareo mamohehatra,
Andeha saino ihany fa mampidi-doza !

Tsy vitsy ireo efa nanao hadisoana,
Kanefa notanana foana amin`ny toerany.
Izay no efa mila hampiteny ny moana.
(Vao mainka tsy laitra ny fihoerahoerany !)

Misy ireo efa naato ihany koa,
F`efa miverin-tsaina ka mampitaraina.
Kanefa dia io fa ny efa naloa
No naverina indray mba ho mpanolotsaina !

Ny mpitondra teny , toa tsisy traikefa.
(Sa io dia toerana  ho an`ny sipa ?)
Mba hoe nofantenana mafy kanefa…
Tsy nisy hafahafa tanatin`ny ekipa ?

…Moa lany ve ny olon`ny volomboasary
Fa tsy arak `ireo vavabe tany aloha ?
Mba avaho re ny vary sy tsimparifary.
Aza mihinana am-bolony ry Ingahy filoha !


***DADAN`i ZINA (22-04-22)***

Vokatry ny rivo-doza sy tsy fanjarian-tsakafo

## Nanolotra vary 500 t ho antsika ny Maorisiana

Mitohy ny fahatongavan'ireo mitondra fanampiana ho an'ireo olona tratra ny hanohanana sy ny loza voajanahary eto amintsika. Notoloran'ny governemanta Maorisiana vary 500 t ny firenena Malagasy. Ho fanampiana an'ireo mponina any Atsimon'i Madagasikara vokatry ny rivo-doza nifanesy, sy ny tsy fanjarian-tsafako misy any an-toerana dia nanolotra vary 500 t ny governemanta atsy Port-Louis. Teny amin'ny biraon'ny BNGRC, mpitantana ny loza sy ny tandindon-doza eto amintsika no nanolorana ireto fanampiana ireto.

***Niaina***





### PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Miangaly A.**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Polisim-pirenena

**Hanao Zaikabe any Antsiranana ny FIVAPOVA (Fikambanan'ny Vadina Polisy sy Polisy Vavy), ny 10 ka hatramin'ny 13 aogositra. Nanao fivoriambe nampitain-davitra izy ireo tamin'ity herinandro ity.**










**Fanaovana tsinontsinona mpampianatra mpikaroka. Mpampianatra mpikaroka eny amin'ny Oniversite, nampilaharin'ny fitondrana Rajoelina teny amin'ny CCP Tsaralalana naka ny vola tambin-karamany.**





**Kitoatoa fametrahana goelaka mety hitera-doza nataon'ny ben'ny tanàna Vazahabe sy ny ekipany teny Ankorondrano. Rehefa tonga ny fanakianana dia nahenany ihany ny haavon'ireo goelaka.**





# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ministra teo aloha, senateran'i Madagasikara teo aloha, depiote teo aloha, CT sy CST teo aloha avy amin'ny antoko TIM, nihaona tamin'ny filoha Marc Ravalomanana teny Faravohitra tamin'ity herinandro ity.**
















ANTANETIBE AVARATRA MAHABO

# Hanohana ny asa fanamboaran-dalana ny ben'ny tanàna

Ny talata lasa teo no nanamboatra làlana mirefy 3 kilometatra, ny fokonolona ao amin'ny fokontany Ambatomanjaka sy Antanetibe avaratra ao anatin'ny kaominina Mahabo, distrikan' Ambohidratrimo. Nifanampy tamin'ny fanamboarana ireo mpino kristianina Ffkm eny an-toerana. Nilaza ny ben'ny tanànan'i Mahabo, Rakotoson Martin Pierre, fa hanohana ireto mpanao làlana ireto satria misy ny fitaovana ilaina toy ny pave sy ciment hanatsarana ny làlana miakatra. Sarotra hoy ireto mponina ireto ny fahavitana raha tsy ampy fitaovana ary



Ny ben'ny tanànan'i Mahabo Ambohidratrimo, Rakotoson Martin Pierre.

mbola mangataka fanampiana amin'ny malala-tànana sy ny mpitondra samihafa ihany koa izy ireo, satria tsy mora ity fanaovan-dàlana ity. Hitohy amin'ny herinandro ho avy izao ity hetsika fanamboaran-dàlana ity satria zava-dehibe ny fahavitany, raha ny nambaran'ireo mponina satria antoky ny fifamezivezena sy ny famoaham-bokatra izany, ka mbola nanentanan'ny katekista delege Randrianirina Fidiniaina mitondra ny Fjkm Antanetibe Avaratra, mba hifanohana sy hiray hina hatrany amin'izao ezaka fanamboaran-dàlana izao.

**Rajo**

Groupe « Isanta »

# Mivazo ny fiainana

Ny taona 2016 no nahita masoandro ny Groupe « Isanta ». Raveloarimisy James no angady nananana sy vy nahitana ity tarika avy any Matsiatra ambony ity. I James, izay vao teo amin'ny faha- 06 taonany dia efa nanajary tononkira sy nitendry gitara. Raha toa ka nirona tamin'ny famoronana hira mitaiza fanahy « Hira evanjelika » ho an'ireo antoko mpihira sy ny sekoly izy sy ny Groupe Isanta tany am-piandohana. Ankehitriny, efa misandrahaka amin'ny famokarana hira tsotra izy ireo.



Ny Groupe "Isanta", mihira ny zavamisy.

Ny anarana "Isanta" notakarina avy amin'ny teny hoe : "Santa" izay midika ho "Voka(tra) tsara" toy ny hoe : "Santa-bokatra". Nasiana "I" eo anoloan'ny "Santa" noho izy milaza anarana, hoy i James.
Mirona kokoa ho amin'ny fivoizana ny gadona mihetsika ny Groupe Isanta ary omeny laka amin'izany ny bankira avy atsy Afrika Atsimo. Mahafehy ny fiangaliana ny bankira milamina ihany koa anefa ry "Isanta", ho fanomezana fahafaham-po ireo mpankafy. Ny mozika rehetra ety ambany masoandro, araka izany, no hatosaky ny tarika ho an' ireo mpiondana ny kanto an-kira ravahana dihy.
Mirakitra hafatra miendrika anatra ary fampaherezena sahaza ny isambaravarana, izay notakarina avy amin'ireo trangam-piarahamonina nisy tetsy sy teroa hatrany, ny tononkiran'ity tarika ity. Nomarihan'i James, izay mpamoron-kira sy mpandrindra ankapoben'ny Groupe "Isanta", fa tsy hivaona mandrakariva amin'ny fampitana fanabeazana ary fanolorana fahafinaretana ho an'ireo mpankafy azy ny tarika. Ampahany amin'ireo sanganasa efa voajarin'ny tarika fony tany ampahariana amin'ny endrika rindran-tsary ny "Aingampanahy", "Batoto" ary ny "Contrat".
Ny taona 2021 dila teo iny no namoaka ny vokatra vaovao "Mipitsika" ny Groupe "Isanta". Vazo izay azo ambara fa nahababo ny fon'ireo mpankafy maro be tsy eto an-tanindrazana ihany fa hatrany Dilambato mihitsy. Tanjon'Isanta ny hametraka amin'ny toerana mendrika azy ny mozika Malagasy, sy ny hanaparíaka ireo taokantony izay azo ambara, fa azo hatsakana ny mahasoa sy ny mahafinaritra ary sahaza ny Malagasy tsy vaky volo hatramin'ireo hafa firenena. Misokatra amin'ny fiaraha-miasa malalaka amin'ireo tsara sitra-po ny Groupe "Isanta", ho fanabeazam-boho ny kanto an-kira sy dihy ary mozika eto an-tanàna.

**Lalasoa Razafindrakoto**

Volley ball Malagasy

# Niatrika ny "Colloque technique 2022"

Nanomboka tamin'ny talata 19 aprily 2022 teo ary nifarana omaly zoma 22 aprily 2022, teny amin'ny kianja mitafon'Ankorondrano Antananarivo, ny "Colloque technique 2022", ho an'ny taranja volley-ball izay, nandraisan'ny mpitantana Ligue, CTR, klioba, CCA, CRA, mpitsara volley-ball manerana ny Nosy, izay niisa 65 anjara.
Ramatoa Filoha lefitry ny FMVB, Ranaivoson Mamy, no nanokatra izany colloque izany tamin'ny fomba ôfisialy ary ny DTN FMVB, Razafinjatovo Jean Honoré, sy ny SG FMVB, Manahira Mampila Jean, ary ny Instructeurs CCA VB/BVB, Andriamamonjy Mamy sy Andrianarijaona Fidinirina, kosa no nifandrimbona nitarika ny dinika. Nisy ny fanolorana « certificats » sy « badges » an'ireo mpitsara sy mpanazatra volley- ball tamin'ity fotoam-pamarànana ity.



"Colloque technique de volley-ball 2022".

**Rainilita**

Tovovavy tratry ny mosavy tany Ambanja

# Herinandro no nanavotan' i Mr Aina azy

***Gaga aho hoy ity tovovavy ity, vao 18 taona izy io ary mbola mpianatra. Aretina tsy fanta-pototra izany no lazainy fa mahazo azy nefa tsy marary ao am-pandriana fa manonofy ratsy foana.***

Toy izao ny fandehan'ny tantara. Avy any Ambanja ity tovovavy ity. Mpianatra amin'ny Lycée izy io ary hanala fanadinana bakalorea amin'ity taona ity. Salama aho hoy izy fa toa reradreraka izany fotsiny, ka tsy mahinan-kanina no manonofy ratsy foana amin'ny alina. Tsy vitan'izany hoy izy fa toa misy olona azoko nofy foana amin'ny alina miresaka amiko nefa tsy raharahiako. Vao tapitra anefa ny nofiko hoy izy dia hafahafa izany aho ary tsy mahita tory intsony. Intelo tany amin'ny dokotera izy ary efa nahazo tsindrona, fanafody samihafa fa ny teo ihany no teo. Kivy ity dokotera ity hoy izy, ka nilaza fa tsy marary ianao fa zavatra hafa io fa mandehana mitady mpitsabo hafa. Teo aho hoy ity tovovavy ity no nahita ny nomeraon'i Mr Aina mpitsabo 0382902668, sy ny 0339178091 eny Ambonisoa Itaosy, satria malaza ho mahay zavatra sy mahita ny miafina io mpitsabo io, ka tsy maintsy niakatra taty Antananarivo.

**Tratry ny mosavy ilay tovovavy**

Vao nihaona izy mianadahy dia izao no nambaran'ilay mpitsabo taminy : niaraka tamina mpitondra fiara avy any Ambatondrazaka ianao hoy izy ary efa nanao firaisana taminy. Tampoka teo anefa hoy ity mpitsabo ity dia nolavinao izy, fa nisy tanora hitia anao indray sady mitovy fihodirana aminao. Fantatr'io mpamily io ilay nafenina hoy izy, ka tamin'ny fotoana farany niarahanareo nisakafo, no namosaviany anao. Tsy hamono izy fa hanimba anao fotsiny no tanjony, satria rehefa tsy ho azy dia tsy ho an'olona ihany koa. Nokarakarain'ity mpitsabo ity ilay tovovavy. Nodiovina sy nesorina ny sakana ary mbola nampitondraina fanefitra ihany koa. Ny hery tsy mahaleo ny fanahy hoy ity mpitsabo ity fa ny ampitso no hahita azy.


**Sitrana ilay tovovavy, nifona ilay mpamily**

Vao nigadona tany Ambanja tokoa ilay tovovavy dia niova ny rasa. Nanjary nahita tory, nisakafo sy tsy nanonofy intsony ary nanjary natanjaka sy niverina ny ainy manontolo. Tsy vitan'izany, fa nifanena tampoka tamin'ilay mpamily izy ary nifona taminy io mpamily io, fa namosavy tokoa saingy tsy ny hamono ny tetiny fa ny hamotika fotsiny. Nifona nandohalika teo anatrehany ity mpamily ity ary nitsodrano azy mba hahita ny soa sy ny tsara. Tafita ihany ilay tovovavy , salama ary hiatrika fanadinana amin'ny volana jona ho avy izao. Soa fa nahita an'i Mr Aina aho hoy izy, fa raha tsy izany dia potika ny fiainako ary na ny aiko aza tsy nantenaiko intsony.

**Namana**

Ankizy 10 taona tsy hita

# Ombay mitady Razafindramanana Johnny Stephane




Ankizy 10 taona no tsy hita nanomboka ny alakamisy teo, ombay mitady izy hoy ny ray aman-dreniny sy ny fianakaviany. Razafindramanana Johnny Stéphane no anarany ary Stéphane no fiantso azy. 10 taona ity zazalahy kely ity ary ny alakamisy 21 Aprily teo tokony ho tamin'ny 06 Ora hariva izy no nanomboka tsy hita teny Andraisoro ao amin'ny Boriborintany faha-5 eto Antananarivo. Mipetraka eny Antsahameva Andraisoro izy ary mianatra eny amin'ny sekoly manodidina eny ihany. Avy nianatra ary efa tonga tao an-trano izy no nivoaka hamonjy ny Ray aman-dreniny tany am-pivarotana, izay tsy lavitra ilay trano fonenana. Tsy tonga tany an-tsena anefa ilay zaza raha niandry azy ireto Ray aman-dreniny. Tsy hita ny misy azy hatreto . Iangaviana izay mahita azy, mba hampandre na hitondra azy eny amin'ny mpitandro ny filaminana akaiky azy indrindra, na koa hiantso ny Polisy misahana ny zaza tsy ampy taona amin'ny laharana: 034 05 703 73.

**Stefa**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 23/04/2022 hatramin'ny 30/04/2022**

- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (PrËs CENAM 67ha) 034 74 687 24
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycËe Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1Ëre ‡ droite aprËs Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1289-04-2022
Isan'ny natonta: 10 000


Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### TETIKASA PPAB ANDIANY FAHA 3

# Hametraka trano fonenana afaka miatrika ny fiovaovan'ny toetrandro

Tsy afaka mandroso ny Kaominina iray raha toa ka miaina amin'ny toeram-ponenana tsy zarizary ny mponina ao aminy. Notanterahina tetsy amin'ny Hotel Le Pavé Antaninarenina ny alarobia teo ny atrikasa entina hamolavolana ny paik'ady mampiaty, afaka miatrika ny loza voajanahary ny fiovaovan'ny toetrandro, izay voasoritra ao anatin'ny fandaharan'asa PPAB andiany faha 3 (Programme participatif d'amelioration des bidonvilles). Tetik'asa iraisampirenena lavitr'ezaka, izay vatsian'ny Vondrona Eropeanina vola, miaramiasa amin'ny Firenena Mikambana amin'ny alalan'ny Onu Habitat, ka ny fanavaozana toeram-ponenana manaraka ny fepetra mafy orina, afaka miatrika ny fiatraikan'ny loza voajanahary no tanjon'ny tetikasa. Nilaza i Andriamatoa Harimanana Rabe, mpandrindra nasionalin'ny tetik'asa PPAB, fa ny ezaka amin'ny fanamboarana toeram-ponenana ahafahan'ny olona miaina tsara, ny fisitrahana ny rano fisotro madio, ny fiatrehan'ny olona ny fanajariana eo amin'ny fidiovana sy ny fanadiovana, ny fametrahana ny velaran'ny trano hipetrahana, ny fanatsarana ny fari-piainany, no laharampahamehana ho an'ity tetik'asa ity. Tsiahivina, tamin'ny taona 2018, no nanomboka ny tetikasa PPAB i Madagasikara ary tanàna miisa 3 no misitraka izany, ao anatin' izany Antananarivo Renivohitra ; Moramanga ; Manakara. Marihina fa firenena miisa 34 aty amin'ny faritra Afrika, Karaiba miisa 34, no misitraka an'ity tetikasa ity, anisan'izany i Madagasikara.

***Franck Razakambelo***




*Sary famantarana ny tetikasa PPAB.*

Ambohibao Atsimo Manjakandriana

# Hanatanteraka fetim-bokatra amin'ny 28 mey izao

Maro ireo hetsika ho tanterahin'ny kaominina Ambohibao Atsimo distrikan'i Manjakandriana amin'ny 28 mey 2022 ho avy izao, raha ny nambaran'ny ben'ny tanàna, dokotera Fidy Bariniaina. Eo aloha ny fahatongavan'ny isampokontany mitondra ny anjarany amin'ny vokatra, ho arahina hetsika samihafa isam-pokontany ihany koa. Tsy naka mpihira gasy ny kaominina, fa ny samy eny an-toerana ihany no manafana ny fotoana amin'izany. Hisy ny fifaninanana sy fizarana loka samihafa amin'io andro sabotsy io ary ny tolakandro dia hisy ny hetsika iarahana amin'ny tarika « Mizara Fitia ». Ny tolakandro ihany dia hisy ihany koa ny fanaovana didimpoitra faobe eny an-toerana. Nanamafy ny ben'ny tanàna, fa izay vola azo dia entina hananganana fotodrafitr'asa sy fikojakojana eny anivon'ny kaominina ary mangarahara ny fitantanana amin'izany. Vao afak'omaly no nivory niaraka tamin'ireo mpanolotsaina ny ben'ny tanàna, nandinihana ny rindran-damina amin'izany hetsika goavana izany any Ambohibao Atsimo, distrikan'i Manjakandriana ny 28 mey izao io.




*Dr Fidy Bariniaina, ben'ny tanànan' Ambohibao Atsimo Manjakandriana.*

***Rajo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 391




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0390)

***Mitsivalana***
- Sambatra
- Avia – Ao
- Mololo
- Valala (miv)
- Oh – Ivato
- Ronono (miv)
- Aoka – Aba

***Mitsangana***
- Sampona
- Avo
- Mila – OK
- Baolina
- Lavo
- Taolana
- Ro – Bota (miv)
- Arovy

### TENY MIFANARAKA N° 391




**Mitsivalana**

**1.** Drakaka – Tan‡na (miv) **2.** Vorona **3.** Sakafon-jaza – Zavamaniry (BR) **4.** Ao amin'ny Baiboly – Kianteny Iharana – Mpanoritra **5.** Nifintina – Tovona **6.** Hazo maro – Hery sy tanjaka **7.** Hita amin'ny biby sasany **8.** Skoto (miv) – Hira masina (miv) **9.** Maimbo, lo (miv) **10.** Mpitily, mpanarangarana

**Mitsangana**

**A.** Tanindrazany **B.** Zava-maniry – Rova (BR) **D.** Tompo Tsitoha **E.** Feo miverina – Tonia (miv) **F.** Malahelo (miv) – Osy bory rambo **G.** Fanontaniana – Mipoaka **H.** Mpiasa mpanampy – Biby fiompy (miv) **I.** Bibikely (miv) – Naoty – Teny mand‡ **J.** Fety fialam-boly (miv) **K.** Alina – Tsy mahazaka toaka (BL)

### Valiny Teny mifanaraka 0390

**Mitsivalana**

**1.** Farara - LMN **2.** (T)ale - Ity, io **3.** Rakitra - As **4.** Ino ? - Reniny **5.** Ta - Sahala **6.** Ha - Iraka **7.** No - Kanefa **8.** Ambarao **9.** Fa(rarano) - Fay **10.** Fokonolona

**Mitsangana**

**A** Faritana **B.** Al‡na - Omeo **D.** Reko **E.** Sakafo **F.** Ritra - Nara (miv) **G.** Atrehina **H.** Ianareo **I.** Faly (miv) - Fo **J.** Mianaka - An **K.** Nosy - Fia

LOMANO TOMPON-DAKAN'I MADAGASIKARA

# Omaly zoma 22 aprily ny andro farany tany Toamasina

Andro fahatelo farany omaly zoma 22 aprily 2022, teo amin'ny fanatanterahana ny fifaninanana lomano "Championnat de Madagascar de natation 2022", notontosaina tany amin'ny Dobo filomanosana 50 m an'ny CRJS Toamasina, ka nanatanterahana an'ireto fifaninanana ireto : "200m Quatre Nages Dames", "200m Quatre Nages Hommes", "100m Dos Dame, "100m Dos Homme, "50m Nage Libre Dame", "50m Nage Libre Homme", "50m Nage Libre Masters", "Finales 200m Quatre Nages Dame/Homme", « Finales 100m Dos Dame/Homme », « Finales 50m Nage Libre Masters », «Remis des Médailles », « 200m Quatre Nages », « 50m Nage Libre », « 100m Dos », « 4x50m Nage Libre Mixte Avenirs/Poussins », «4x50m Nage Libre Masters », « 4x50m Nage Libre Mixte Open », «Remises des Médailles des Relais », « Proclamation des Meilleurs Nageurs Benjamins (2022/2021 et 2022), « Clôture ».



*Lomana 2022 tany Toamasina.*

Toy izao kosa ireo ny vokatra "Open" azo tamin'ny andro faharoa notontosaina tamin'ny alarobia 20 aprily 2022 :

-"50 m Papillons Dames" : 1°-Andrianaivo Ony Mbolasoa 30,58, 2°- Tendrinavoalona Idealy 31,81, 3°-Ratianarivelo Idealy-Ntsoa 32,70.
-"50 m Papillon Hommes : 1°-Ramiakatrarivo Ando Francky 25,75, 2°- Andriampenomanana Mamihaja Nathan 27,59, 3°-Rakotomavo Herini-riina John 27,72.
-"100m NL Dames" : 1°-Tendrinavoalona Idealy Diari 1:05,68, 2°-Jauslin Nomena Sandra 1:06,12, 3°-Andrianaivo Ony Mbolasoa 1:06,22.
-"100m NL Hommes" : 1°-Ramiakatra Ando Francky 55,51, 2°-Ranaivoson Ranandro Maminiaina 58,64, 3°-Rakotomamonjy Tiavina Sandro 58,93.
-"200m Brasse Dames" : 1°- Rakotonirina Herimino Faratiana 3:03,54, 2°-Razakatiana Finaritra 3:09,65, 3°-Rajaonarivony Koloina Agnes 3:14,22.
-"50 m Papillon Hommes" : 1°-Raharvel Harivony Jonathan 2:42,18, 2°-Rabenjalinoro Mana Andraina 2:45,34, 3°-Emadisson Aina Horavaka 2:48,10.
-"400m NL Dames" : 1°-Andriamaho Marie Ange Praxa 5:13,03, 2°-Ramiandrisosa Harivelo Angie 5:30,00, 3°-Andrianarison Haingoniala H 5:30,95.
-"400m NL Hommes" : 1°-Rakotomavo Herinirina John 4:33,11, 2°-Andriampenomanana Baritiana Mathieu 4:41,01, 3°-Rakotobe Tendry Tiavina 5:08,97.

***Rainilita***

Tournoi de Pâques National 2022

# Eny Ankadikely Ilafy anio sabotsy ireo lalao famaranana

Ho tanterahana eny amin'ny kianja Fifankatiavana, eny amin'ny kaominina Ankadikely Ilafy anio sabotsy 23 aprily 2022, ireo lalao famaranana baolina kitra « Tournoi de Pâques National 2022 », karakarain'ny ekipan'ny 3Fa Avaradrano, ka hisongadina amin'izany ny hananan'ny ekipan'ny H+ Sab/Nam ekipa miisa 3 be izao handray anjara amin'izany. Tokana kosa ny ekipa avy any amin'ny Faritra hafa ankoatra an'Analamanga no tafita amin'izany lalao famaranana izany dia ny ekipan'ny 3F Miray sokajy U20 avy any Mahajanga.



*Ireo ekipa avy any Mahajanga nandritra ny fanokafana.*

Fantaro ary fa eo amin'ny sokajy 8 taona dia ny Afc Ankadikely sy ny Ersa Antanandrano no hifanandrina.
Eo amin'ny Sokajy 10 taona : Afc Ankadikely # H+ Sab/Nam.
-Sokajy 13 taona : H+ Sab/Nam # Jsa Antanety.
-Sokajy 20 taona : 3F Miray Mahajanga # Ifc Ankadikely.
-Sokajy 23 taona : Tandem Ambohipanja # H+ Sab/Nam.

***Rainilita***

Volley-ball Analamanga 2022

# Mitohy ny fiadiana ny "championnat" eny Itaosy

Rehefa natomboka tamin'ny 10 aprily 2022 lasa teo, teny amin'ny kianja Akany Sambatra Itaosy, ny fiadiana ny "championnat de volley-ball Analamanga 2022" ary somary niato kely tao taorianan'izay dia hitohy indray izany amin'ny alahady 24 aprily 2022 ho avy izao, rehefa nasiana fanitsiana kely ny fandaharam-potoana efa navoaka teo aloha.
Fandaharan-dalao amin'io andro io :
-T 1 : 1DM-Gnvb 1 # Asi 2, Cosfa #Cvb, Vbcd # Mvbc.
-T 2 : 1DM-Pole # Asi 1, G,vb 2 # VbcJak.
-T 3 : 2DM-Cvba # Hzma 2, Hzma 1# Cosfa, Assm # Mvbc.
-T 4 : 2DM-Csa # Sdv, Mvb # Jsa, Asi # Esva.


*Volley-ball teny amin'ny kianjan'Itaosy.*

Ny tompon'andraikitry ny taranja volley-ball eo anivon'ny ligin'Analamanga dia nanambara, fa mahatratra 13 ny isan'ireo ekipa nanao "engagement" ao amin'ny sokajy 2DM, izay nozaraina ho vondrona 2 :
Vondrona A : BKMV, CVBA, ASI, MVB, JSA, HZMA2, ESVBA.
Vondrona B : RVB, HZMA1, ASSM, CSA, SDV, MVBC, COSFA,
ka izay 2 voalohany isaky ny vondrona no hiatrika ny lalao manasa-dalana.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Akoho amin'ny voanio na coco indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Andrahoina miaraka amin'ny ranona voanio, sy amin'ny voanio nokikisana ny akoho. Atao ketsaketsa izany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafody natoraly ho an'ny olona verivery tadidy

Fanafody natoraly ho an'ny olona verivery tadidy indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Zavatra ilaina:
- cannelle vovony 1 sotro kely, raha ilay ohatran'ny hazo no ananana dia kikiso fotsiny hahazoana vovony.
- tantely pure 1 sotro kely.
Fomba fihinanana azy: afangaro tsara ireo dia hanina alohan'ny hatory ary misotro rano aorian'izay .
Atao isan'andro mandritry ny 14 andro.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Tambohorano any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky

Ny tanànan'i Tambohorano any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Any andrefan'ny faritra Melaky no misy azy. Renivohitry ny kaominina Tambohorano ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 14 mandrafitra ny distrikan'i Maintirano. Iva toerana izy satria amoron-dranomasina 14 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Mpanjono ny ankamaroan'ny mponina any Tambohorano, mamboly sy mpiompy koa izy ireo, mamboly vary, vokatra any ny voanio. Manana seranam-piaramanidina ity tanàna ity.

